Fifidianana filohampirenena

# Tsy maintsy hirosoana ny fihodinana faha-2 3


NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 24 novambra 2018 Laharana 842 Vidiny : 400 Ar


**Deoteronomia 4: 12** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 87), 22 novambra 2018


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Fanatevenana ny K25 2

# Maro ny olom-baovao manohana an'i Dada



Ady hevitra MAP2 sy IEM 3

# Tsy sahy nisehatra ny ekipan-dRajoelina



LEFITRY NY BEN'NY TANÀNA 5

## Tsy maintsy miala ny fako eto Antananarivo



Fiainam-piarahamonina 6

## Enin-dahy mpanolana sy mpandroba nidoboka am-ponja

Tsy fandriampahalemana 6

## Dahalo 3 lahy mitam-basy saron'ny zandary

Jono an-dranomasina 2

## Ho fongana raha anjakan' ny mpanjono vahiny

**Daka kely**

Hay kanosa tsy sahy nisehatra nareo sy ny ekipanareo ry Boaikely a !

Boriboritany voalohany (CUA) 4

## Nanao asa fitsinjovana ireo vahoaka eny amin'ny faritra iva



FILOHA RAVALOMANANA

# Hatao izay hanarenana ny fiainan'ny vahoaka



Velom-pisaorana an' ireo mpifidy ny 7 novambra lasa teo tamin'ity herinandro ity tany amin'ny tapany atsimon'i Madagasikara iny ny filohan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Marc Ravalomanana, izay sady kandidà filohampirenena. Nandalo tamin'ny tapany atsimo atsinanana, hatrany amin'ireo kaomina manodidina ny renivohitra Anôsy. Vao mainka manantena ny filoha Marc Ravalomanana ireo vahoaka, mitaraina ny fijaliany. Nampanantena izy fa tsy maintsy atao izay hanarenana an'i Madagasikara sy hampiadana ny malagasy. Tamin'ny fandalovany tao Fort Dauphin, nivahiny tao amin'ny onjampeo MBS/Radio any an-toerana ny tenany. Tamin'izany no nanolorany fisaorana ho an'ireo nandray anjara tamin'ny fifidianana ny 7 novambra. Havako daholo nareo nifidy ahy na ireo tsy nanome vato ahy hoy izy. Misaotra ary manantena fa hiaraka hanarina fa tsy handrava isika. Manantena fifanomezan-tanana. Napetraka ny K25, komity mpanohana ho amin'ny fihodinana faharoa ny 19 desambra izao. Marihana fa vao nandray micro tao amin'ny MBS-Radio i Dada, nanova ny radio- ny ho 95.4 Mhz ireo mpihaino. Samy niray feo i Fort Dauphin fa vonona hampandresy an' i Dada ary tsy manosi-bohotanana ho an' izay mangetaheta fifanomezan-tanana.

***Mangarahara***

Rajoelina sy ny ekipany

# Manao politikan'ny mpamandri-borona

Manao ny adin'ny mpamandri-borona ankehitriny no ataon-dRajoelina sy ny ekipany. Fanaon'ny mpamandri-borona ny mampiasa dity apetraka amina zavatra na amin'ny sampankazo na hafa fitaingin'ireny vorona samihafa toy ny fodilahimena ireny eny an-tsaha eny. Malemilemy ireny dity ireny ary mahasarika vorona. Raha vao mipetraka eo anefa ireo vorona dia tsy afa-miàla intsony fa voafandrika tanteraka. "Ny lemilemindradity no naha voafandrika an-dravorona", hoy ny fitenenana. Avy eo ravorona mahita ny tsy fahitany izay mety hiafara amin'ny ainy. Mampiasa io "paika ratsy" io ny ekipan'ny laharana 13 hisintonana vahoaka hanohana sy hifidy azy. Ataony ankehitriny eo am-piandrasana ny voka-pifidianana ofisialy, eny fa talohan'ny fifidianana aza, ny fanolorana zavatra "mora" izay mikisary lemilemina dity. Fihetsika efa fanaon-dRajoelina io tany amin'ny taona 2009 tamin'ny fotoana nisarihany vahoaka sy namitahany azy ny amin'ny fampanantenana zavatra mora fanjifan'ny vahoaka andavanandro. Anisan'izany ny kilaom-bary ho Ar 500, ny vidin'ny litatry ny menaka ho Ar 2000; sakafo mora, trano mora, sns... Tsy nisy tanteraka anefa izany rehefa niaina tao anatin'ny tetezamita ny firenena. Vao mainka nihasarotra aza ny fiainam-bahoaka, ary niaraha-nahita sy niaina tsara izany mandrapahatapitry ny fitondràny. Iza no olona hanadino izany? "Ny vorona no manadino fandrika, fa ny fandrika tsy manadino vorona", hoy ny ohabolana Malagasy. Ny Malagasy inoana fa tsy toy ny "vorona"izany akory, sanatriavina, ka hanadino izay efa zavatra natao hamandrihana azy izao, ary efa nanjo azy, ka mbola hanatonana sy hiraisana ihany. Iarahamahalala tsara ihany koa, indrindra ho an'ny mpahay, fa tsy izany fomba izany velively no hampandroso sy hampisandratra ny firenena. Lalan-diso izany, ary fanararaotana na fanarabiana mihitsy ilay fahantrana lalina iainan'ny vahoaka an-taonany maro izao. Manana ohatra azo tsapain-tanana mifanohitra amin'izany ry zareo sinoa ary tena nampandroso azy. Tsy zoviana amin'ny mpahalala ilay fiteniny amin'ny hoe: ny haranjono sy fintana no atolotra ny vahoaka fa tsy "trondro mora vidy akory". Azo itarafana ho tsy fahafenoana fahamatorana amin'ny politikam-pitantanana raha hitondra firenena izany fihetsiky ny mpamandri-borona izany.

***Sôh'son***

FANDRINDRANA ANKAPOBENY NY FAMPIELEZANKEVITRA

NY KANDIDA RAVALOMANANA MARC

---------------------------

COORDINATION GÉNÉRALE DE LA CAMPAGNE

DU CANDIDAT MARC RAVALOMANANA

---------------------------

**FANAMBARANA AN-GAZETY**

Noho ny trainkefa ananany sy amin'ny maha-olom-panjakana azy, ny kandidà RAVALOMANANA Marc dia nanome baiko mba hisintonana ireo fitoriana 208 mitombona izay noheverina hoapetraka eny an'ivon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC) mahakasika ny fifidianana ho Filohampirenena fiodinana voalohany. Izany fanapahan-kevitra izany dia mifototra amin'ny fahavononan'i Kandidà RAVALOMANANA Marc hikatsaka lalandava fitoniana hiatrehana izao savorovoro politika iainantsika amin'izao fotoana izao. Ny kandidà dia mandala ny tontolo milamina sy tony amin'ny fitohizan'ny lamim-pifidianana sy ny fanatanterahana ny fifidianana ho filohampirenena fiodinana faharoa, izay tokony hatrehina ny 19 Desambra ho avy izao.

Na dia teo aza anefa izany fahavononana nasehon'ny kandidà RAVALOMANANA Marc izany mba tsy isian'ny romoromo, dia malahelo ny tenany mikasika ny manjo ireo olona izay mieritreritra na efa manohana azy. Ny faneriterena sy ny fampitahorana izay mahazo ireo tompon'andraikitra ny orinasa RLM dia ohatra mivaingana azo raisina. Noho izany dia manao antso avo izahay mba hampijanonana haingana izany fomba fanao amin'izao savorovoro politika efa tsinjo izao. Ary ho fanajàna ny olom-pirenena sy ny safidiny, dia miangavy ny rehetra izahay mba hiaraka hametraka tena ady hevitra milamina amin'ny fitandrovana ny demokrasia eto amin'ny firenena.

Manaraka izany, manao antso avo koa izahay ho an'ny fitondram-panjakana foibe (Filohan'ny Repoblika mpisolo toerana sy ny Governemanta foibe) mba hitandro lalandava ny tsy fiandaniana ary mba hampijanona ireo fombafomba rehetra sy ireo fihantsiana ara-politika amin'ny endriny samihafa ary koa ireo fampitahorana isankarazany atao amin'ireo mpiasa izay manatanteraka ny asany.

Niara-naheno ny voka-pifidianana tsy ofisialy navoakan'ny CENI mahakasika ny fiodinana voalohany isika ka mangataka fitoniana sy filaminana izahay eto ampiandrasana ny fanapahan-kevitry ny Fitsarana Avo momban'ny Lalampanorenana (HCC) mikasika io fifidianana ho filoham-pirenena fiodinana voalohany io ary manao antso avo ho an'ny olom-pirenena rehetra mba hanao toy izany koa.

Antananarivo, faha 22 Novambra 2018

Ny Mpandrindra ankapobeny,

ZAFIMAHOVA Serge

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

# Jono an-dranomasina : ho fongana raha anjakan' ny mpanjono vahiny

Firenena anisan'ny manan-karena maneranitany amin'ny hazandrano anaty ranomasina i Madagasikara. Be velarana rahateo ny fari-dranomasina ananany noho izy Nosy ary antony iray lehibe io mahatonga azy manana tombony amin'izany sehatra izany. Mizara roa miavaka tsara ny mpanjono eo aminy dia ny madinika mampiasa ny fitaovana nentin-drazana, ny haranjono sy ny harato. Ny sokajy faharoa kosa dia ireo mpanjono vaventy mampiasa sambo lehibe sy fitaovana maoderina mbamin'ny fitaovam-pitehirizana ny trondro mandritra ny andro maro na am-bolana mihitsy. Raha azo lazaina ho "nilamina" ihany ny sehatry ny jono sy ny seha-pitrandrahana ny hazandrano hatramin'izay, dia ankehitriny tsapa ho tandindonin'ny olana lehibe. Tsy inona izany fa ny fampidirana an-tsehatra ireo mpanjono sinoa mitondra sambo hari-fitaovana sy tena matanjaka. Politikam-panjakana vao nampidirina vao tsy ela io fanomezana sehatra ny mpanjono vahiny toy ny sinoa io hahazo hitrandraka ato anatin'ny fari-dranomasin'i Madagasikara. Tsy lavina, ilaina ny fiaraha-miasa amin'ny vahiny, fa raha eo amin'ity sehatry ny jono ity, dia mampanahy lalina indrindra fa ny sinoa no resahina. Fitenenana Malagasy ny hoe "Mandalo Ramaka ka may ny tanàna", fa raha manjono ny sinoa ho tapitra ringana ny trondro. Nisedra izany olana lehibe izany efa an-taonany izao ireo firenena maromaro ao Afrika andrefana ao. Tafahoatra loatra ny fitrandrahana ny trondro any an-toerana ka mila ho fongana mihitsy ny trondro. Tafiditra ao anatin'ny mangorona ny hazandranomasina any izany ny mpanjono sinoa. Misy amin'izy ireo aza no tratra miditra an-tsokosoko manjono ao anaty fari-dranomasin'izy ireo. Ireo firenena aziatika roa lehibe, ny sinoa sy ny japoney, no tena miteraka olana sy manahirana raha eo amin'ny sehatry ny jono an-dranomasina. Nitady toko ka sendra vato ihany ny sinoa raha omena alalana amin'izany eto amintsika. Manjono tsy ara-dalàna amin'ny fari-dranomasina firenena hafa aza ataon'izy ireo mainka fa omena alalana. Hanome vahana azy ireo ve isika eto Madagasikara amin'ny fanakonana amin'ny hoe : fiaraha-miasa sy fanomezana asa ho an'ny Malagasy ? Eny, mety hamaha olana ny tanora sy ny vahoaka ihany amin'ny ampahany izany satria iaraha-mahalala tsara ny tsy fahaizan'ny fitondrana namorona asa tao anatin'ny fotoanan'ny tetezamita sy ny fitondrana Hvm. Mety ahiana hiteraka olana lehibe ho an'ny Malagasy ihany anefa izany any aoriana, ary hosahirana ireo mpanjono madinika mivelona amin'io sehatra io. Ny ahiahy tsy hihavanana ary ny hamisavisana ny ratsy mba hihavian'ny soa. Aleo misoroka toy izay mitsabo, fa nisy teto, tao anatin'ireo fitondrana roa nifanesy nambara ireo, dia efa miseho hatrany ny olana vao mikoropaka. Efa fahavoazana maro anefa no vokany ao anatin'izany.

***Sôh'son***

Fanatevenana ny K25

# Maro olom-baovao manohana an'i Dada

Efa mizotra amin'ny fifanatonana ny avy eny anivon'ny mpanohana an'i Dada amin' izao fotoana izao any Ambatondrazaka. Misy hatrany araka izany ny fivoriana izay tontosain'izy ireo hametrahana ny paikady rehetra raha toa ka tsy maintsy hidirana ny fihodinana faharoa eo amin'ny fifidianana izay ho Filoham-pirenena. Manomboka maro araka izany ireo Ben'ny tanàna no resy lahatra fa hiditra hanaradia ny K-25 ary tsy hanaradia fotsiny fa hiasa mafy mihitsy hampandany an'i Dada amin'ny fihodinana faharoa. Ny alakamisy maraina teo no nisy ny fivoriana lehibe izay niarahan'ny rehetra tao amin' ny foiben-toeran'ny K-25 tao Avaradrova atsimo tao amindRatatamo notarihin'i Liva Mozambika. Nandritra izany no niadiana hevitra mahakasika ny fomba ho entina indray hanamafisana ny firaisankina sy hampitomboana isa ny mpanara-dia an'i Dada. Mila mamondrona hery isika hoy Liva Mozambika ary mila ampiakarina ambony dia ambony ny salan'isam-pandresena sy ny isam-bato azo mba tsy hampisalasala intsony ny fandresena. Maro ireo olom-baovao izay tsy hary hita nandritry ny fihodinana voalohany iny no tonga nanamafy ny K-25 izay efa samy niseho vatana avokoa tamin'iny alakamisy lasa teo iny. Tsy tany Ambatondrazaka ihany no nahitana izay olom-baovao tonga hanampy an'i Dada izay, fa tamin'ny fitsidihana fankasitrahana ny vahoaka tamin'ity herinandro ity natao'ny kandidà Marc Ravalomanana tany amin'ny faritra Atsinanana, Vatovavy Fitovinany, Atsimo Atsinanana, Anôsy, ary Ihorombe omaly, dia manao tsy omby aloha ireo manohana sy hanohana ny N°25.

***Raoul***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Fifidianana filohampirenena : tsy maintsy hirosoana ny fihodinana faha-2

Andro vitsivitsy mialohan'ny hamoahan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny voka-pifidianana ofisialy dia mbola misy andian'olona tsy mitsinjo ny ho aviny, ka manaiky hataon'ny politisiana fitaovana hanakorontanana sy hiverenana amin'ny tetezamita indray. Taorian'ny andro nandatsaham-bato dia nanana fikasana namory ny vahoakan'Antananarivo teo amin'ny Kianjan'Ambohijatovo ny kandidà laharana faha-25, Ravalomanana Marc ho fisaorana azy, kanefa nolavin'ny prefektioran'Antananarivo Renivohitra izany ho fitandroana ny filaminana sy nialàna tamin'ny mety ho fanararaotana ny hetsika hiteraka fandrobàna sy fanakorontanana mety nataon'ny antokon'olona tsy manantsaina hafa tsy izany. Herinandro anio no namoaka ny voka-pifidianana vonjimaika ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana (CENI) ary tsy ela taorin'izay fa ny Alatsinainy 19 Novambra 2018 ihany, ka hatramin'izao dia efa nisy andian'olona nivorivory teo anoloan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana mihogahoga sy milanja sorabaventy milaza ho tsy manaiky ny voka-pifidianana ary mitaky ny fanafoanana izany. Misy ihany miditra amin'ireo haino aman-jery isan-karazany toa mandrisika korontana mihitsy satria na hamporisihana fa tokony ho fihodinana voalohany dia nandresy ny kandidàny na mandetika ao an-tsain'ny olona ireo lesoka rehetra nitranga taloha sy nandritra ary taorian'ny fifidianana entina hanaovana barofo handetehana bebe kokoa indray ity Firenena ity ao anatin'ny krizy lalindalina noho izay iainana ankehitriny. Iaraha-mahalala fa Rajoelina Andry Nirina no nanolotra ny Praiminisitra ankehitriny, ka toa tsy mahagaga loatra raha tsy manome baiko hentitra ny mpitandro ny filaminana handrava izao fanakorontanana ny fiainam-bahoaka izao izy. Mbola fanohanana ny kandidà laharana faha-25 fotsiny aza no nambaran'i Rajaonah Mbola dia efa nanaovan'ny Birao Mahaleotena Miady amin'ny Kolikoly sy ny Zandaramaria fisavàna sahady ny trano fonenany. Miharihary ary tsy azo lavina fa misy ny fitongilanana sy ny fiandaniana ataon'ny fitondrana amin'izao azo lazaina ho tetezamita izao. Tsy mbola eo am-pelatanan-dRajoelina Andry Nirina aza ny fahefana dia efa toy izao sahady ny toe-draharaha ka tsy ho zava-doza indray no hiseho eto raha hitondra mandritra ny dimy taona indray izy. Fanjakan-demony mahazo laka mihoatra lavitra noho ny teo anelanelan'ny taona 2009 sy 2013 fa tsy fanjakambahoaka no hiainan'ny Malagasy eto raha izao tsy fanajàn-dalàna sy fanohintohinana ny fahefan'ny rafitra najoro hisahana ny famoahana ny voka-pifidianana izao no mbola avela hanao izay danin'ny kibony eto. Na izany na tsy izany dia efa mitady hihoa-pefy ireto andian'olona manao fihetsiketsehana ireto satria omaly zoma dia nanakana ireo fiara nidina ho any Anosy sy niakatra ny tonelina izy ireo, ka raha tsy tonga ny mpitandro filaminana nandrava ny hetsika dia mety ho nanaotao foana izy ireo satria efa nanomboka tsy nanaiky ny fanakanana azy ny mpamily ny fiara. Efa nanao fanambarana anefa, na ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana, na ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana fa mangarahara tanteraka ny fikirakirana ny voka-pifidianana ary efa eo am-pelatanan'ity farany ny fitoriana rehetra izay tsy maintsy ho dinihana avokoa, ka hita taratra amin'ny fihetsik'ireto tsy manaiky ny voka-pifidianana ireto fa matahotra ny tena fitsaram-bahoaka ara-pomba demokratika amin'ny fihodinana faharoa ny tokony hiatrika izany ary miketrika fizaran-tseza tsy misasatra ireo kandidà mivondrona amin'ny fanafoanana ny fifidianana mihitsy. Fitiavan-tena ny an'ireto kandidà ireto ka tsy mihevitra na dia kely aza fa very zo tanteraka ireo tonga naneho ny safidiny satria mba nisy nandatsa-bato ho azy ireo ihany kanefa dia notsinontsinoaviny izany. Na inona na inona anefa dia tsy hampiova na inona na inona amin'ny voka-pifidianana havoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana izay hetsika satria tsy maintsy hiroso amin'ny fihodinana faharoa ireo roa nahazo vato ambony. Efa nandrotsaka fanampiana 1 100 000 € ao amin'ilay kitapom-bola ho an'ny fifidianana fihodinana faharoa eto Madagasikara indray ny Vondrona Eorôpeana ny Alakamisy lasa teo ka inoana fa tsy hahita làlana ihodivirana intsony izao fitondrana izao raha tsy te-hamerina ny Firenena ao anaty haizim-pito sy hampitombo ny fahatran'ny Malagasy indray.

***Andry Tsiavalona***

### CUA

# Fanalana ny fako miavosa rehetra hatramin'ny anio sabotsy

Anio sabotsy izao no heverina fa fotoana hahavitan'ny asa fanalana ny fako miavosa rehetra eto amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Hentitra amin'izany tokoa ny Ben'ny tanàna, Lalao Ravalomanana. Nofaritana izany taorian'ny fidinana izay nataony tamin'ny toerana maromaro teto an-dRenivohitra, teny Antohomadinika Antaniavo (akaikin'ny tsenan'ny atody), Alarobia Amboniloha (cité Asecna), Route du Pape Alarobia (face Sanifer) ary Anosivavaka Ambohimanarina,

Nandritra ny resaka nifanaovan-dRamatoa Ben'ny tanàna tamin'ny mpanao Gazety no nanaovany antso avo tamin'ny SAMVA ny amin' ny tokony handraisan'izy ireo ny andraikiny. Namafisina tamin'izany fa tsy mendrika ny vahoakan'Antananarivo ny fako be miavosa eran'ny tanàna.

Noho izany dia hotohizana ny tolo-tanana izay efa natomboky ny CUA tamin'ny SAMVA. Izany dia miompana amin'ny fanomezana fiara lehibe am-polony mpitatitra fako. Nanambara ny fiadidiana ny tanàna fa efa am-perin'asa ireto fiara lehibe mpitatitra fako ireto ankehitriny, izay mahatratra hatramin'ny 25m3 ny hadiry. Izany dia araka ny hita afak' omaly teny Andohatapenaka, izay misy toby fanariana fako roa, izay mampikaikaika ny mponina eny an-toerana.

Farany dia Fanamby no napetraky fiadidiana ny tanàna ny amin'ny fanesorana ny fako rehetra izay miavosa eran'Antananarivo hatramin'ny anio sabotsy 24 novambra 2018. Izao rehetra izao dia ho fitsinjovana ny vahoaka amin'ny voka-dratsin'ny loto sady efa fiomanana sahady amin'ny vanim-potoanan'ny fahavaratra, izay fiakaran'ny rano sy ny fipariahan'ny valan'aretina maro samihafa.

Farany dia manentana hatrany ny rehetra ny fiadidiana ny tanàna ny amin' ny :

- Hanajana ny ora fanariana fako eny amin'ireny Baka ireny : amin'ny 5 ora hariva ka hatramin'ny 8 ora alina.
- Hanajana ny toerana natokana hanariana fako (Baka).
- Hanadiovana ny toerana rehetra.
- Tsy hanariana fako anaty tatatra na lakandrano.

***Isambilo***

## TONONKALO

# Tsy matoky valera

Mazava fa dia "tsy matoky valera"
Ilay iray izay mpanimba sy mpandrava efa,
Ka tsy mahagaga raha mandany lera,
Manao teny an`avona , mirefarefa.

Mingerona angamba ny mpamatsy vola.
(Manaikitra mafy tahaka ny fihitra )
Ka nokitihina hatramin-dry Mbola,
Fa io no kasaina hanjerana ny rihitra.

Hatramin`ny resaka , toa tsy voarindra
Fa arefarefa ho ambany dia ambany.
Fitiavana ,hono, no lehibe indrindra,
Kanefa kibay toa an-kelika ihany.

Mba mila amboarina irony fijery,
Dia atao mahitsy sy tsy mitanila.
Tsy mety ilay manandra-tena ho mahery,
Kanefa ny atao tena mivaralila.

Fa `ndeha re akaro mba ho eny amin`ny avo
Ity fomba fisainana ambany dia ambany.
Mitonona ho ngeza anie irony voatavo,
Fa dia miboretaka eny amin`ny tany !

***DADAN`i ZINA ( 23-11-18)***

## NY TENY FIAINANA




***I Timoty 1:16***

*Kanefa izao no namindrana fo tamiko, dia ny mba hasehon'i Jesosy Kristy eo amiko, izay lohany, ny fahari-po rehetra ho fianarana ho an'izay hino Azy hahazoana fiainana mandrakizay.*

### Ady hevitra MAP2 sy IEM

# Tsy sahy niaka-tsehatra ny ekipan-dRajoelina

Tsy tonga niatrika ny adihevitra nokarakarain'ireo mpianatra YLTP (Youth Leadership Training Program), teny amin'ny Htel Carlton Ampefiloha omaly hariva ny solontenan'ny IEM. "IEM mifanandrina amin'ny MAP 2", raha adika malalaka, no lohahevitra noraisin'ireo mpianatra ireo, ary nanasany solontena avy amin'i Andry Rajoelina sy avy amin'i Marc Ravalomanana. Mpanohana izao hetsika izao ny foundation allemande, FES (Friedrich Ebert Stiftung). Tonga namaly ny fanasana ny solontena avy amin'ny filoha Marc Ravalomanana, izay notarihan'i Serge Zafimahova sy Jimmy Ramiandrison. Tsy hita teny kosa ny avy amin-dRajoelina izay mivoy ny IEM. Niezaka nanome fanazavana hahafapo ireo mpianatra sy ireo vahiny isan-karazany nasaina ny manohana ny MAP2. Hita ho nahafehy tsara sy efa manana traikefa amin' ny adihevitra toy izany rahateo ny tenany indrindra teo amin'ny resaka mifandray amin'ny fandaharan'asa tohanany sy ny lafitsarany. Manahy ho sahirana amin'ny adihevitra mivantana manoloana mpianatra avara-pianarana ve ny solontena avy amin'ny IEM no tsy tonga? Mety ho mbola tsy afaka an-tsaina ihany koa aloha ny nanjo tany an-drenivohitr'i Frantsa izay nihaonana tamin'ireo mpianatra mandranto fahaizana amin'ny lalam-piofanana politika izay nampandraingiraingy an-dRajoelina. Hany ka tsy maintsy fidiana fatratra ny toerana sy ny sokajina mpianatra hihaonana sy ny lohahevitra horesahina sy iadian-kevitra. Marihina, fa andiany faha-14 eo anivon'ny YLTP, izay niofana teo anivon'ny Fes ireo mpianatra ireo ary hetsika tafiditra indrindra amin'ny famoahana azy ireo omaly io adihevitra nokarakarainy io.

***Radafy***

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

# Enjehina i Mbola Rajaonah satria manohana an-dRavalomanana

**Arp Helisoa** : enjehina i Mbola Rajaonah amin'izao satria manohana ny kandida Marc Ravalomanana. Ny MAPAR no mihevitra ny tenany fa mpitondra eto: Praiministra sy ministry ny afi-tany.

**Rasoloniaina Félix Airnix** : dia gaga ianao, fahatahorana an'i Dada daholo izany.

**Misa Ramaroson** : nidikizo mihintsy le minisitry ny atitany iny namoaka ilay IST iny, hita mihintsy hoe teren'ilay Mapar fotsiny, ataony fitoavana politika, nefa ilay minisitra mba fantatra hoe bandy kely milay ihany.

**Harena Fitia Hanitriniala Raharisoa** : AZ radio henoina ô dia ho heno ao ny marina rehetra.
Desire Ratsimandresy Ratsimandresy : zao le toetsaina tsy mampandroso ny Mapar a, Mapar ory hava-manana.

**Bakoliarisoa Andriamiseza** : fialonana ny an-dRajoelina sy ny Mapar. Efa miseho ho mpitondra ilay Mapar dia variana mihts isika. GRRR!!!!
Jeanne Françoise Razafimalala : efa resaka hafa mitsy e Matahotra angamba ny Mapar fa Mbola Rajaonah no anisan'ny lakile.

**Arp Helisoa** : manana dossier teny amin'ny BIANCO i Mamy Ravatomanga fa tsy voakitikitika , ny mpiasany no nigadra.

**Ramamonjiarisoa Nicette** : aleo mihtsy aloha NTSAY tsy hitanila raha tsy vita ny fifidianana, tena hita hoe mitanila mihitsy Ntsay nefa tsy hampiova inona izany, Dada tsy maintsy handresy.

**David Ran's** : ka efa ady fohazina zao e , mila iny boaikely iny mihitsy no iarahan'ny rehetra toherina , iny Rajoelina iny mihitsy no fanetry be ny tany , mahatonga ny gasy mahantra velona toy izao, ny fanonganam-panjakana sy ny tetezamitany.

BORIBORITANY VOALOHANY (CUA)

## Nanao asa fitsinjovana ireo vahoaka eny amin'ny faritra iva

Ho fitsinjovana ireo vahoaka madinika izay mipetraka eny amin'ireo faritra iva eto an-dRenivohitra dia tonga nanamafy ny asa fanadiovana ireo lakandrano, izay tsentsin'ny fako sy fotaka, ireo rantsamangaika maro avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra omaly, ho fisorohana ny fiakaran'ny rano. Teny Ambodin'Isotry sy teny Antetezana Afovoany II, no nanatanterahana ny asa tamin'io omaly io. Tsy mijanona hatreo izany asa goavana izany fa mbola hitohy eny amin'ireo faritra hafa. Ankoatra izay dia nanadio lálana sy nanisaka ireo mpivarotra



Fanadiovana nataon'ny CUA tao amin'ny Boriboritany I.

ihany koa izy ireo mba tsy hanelingelina ireo mpandeha an-tongotra sy ireo fiara mifamezivezy. Araka ny nambaran'ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), Maminiaina Rakotonirina dia anisan'ny faritra be olona tokoa eny amin' ireto toerana ireto, ka izay indrindra no tena mampaloto vetivety ireo toerana izay efa voadio, kanefa na dia izany aza dia tsy kivy ireo mpiasan'ny Kaominina mamerimberina ny asa sy manentana ireo mponina mba tsy hanary ny fakony any anaty lakandrano satria dia zary lasa mandrora mitsilany ihany izy ireo raha mbola mitohy izao fahazaran-dratsy izao. Isika rahateo efa tafiditra ao anatin'ny vanim-potoanan'ny fahavaratra ka tsara raha samy mifampitsinjo sy miara-mientana ny tsirairay mba ho fisorohana ny fiakaran' ny rano . Tanàna iarahamanana Antananarivo koa samy mandray ny andraikitra tandrify azy.

***Aly***

Antsirabe

## Nandray atrikasam-paritra momba ny rano fisotro madio sy fidiovana

Notontosaina teto Antsirabe ny atrikasam-paritra ho an'ny rano fisotro madio sy fidiovana sy fanadiovana ny herinandro lasa teo, niraisan'ny faritra Vakinankaratra sy ny faritra Amoron'i Mania, Matsiatra Ambony ary Menabe. Fantatra tamin' izany fa mbola ny 24% ny Malagasy ihany no mbola misitraka ny rano fisotro madio manerana ny nosy ary mbola ny 44% ny Malagasy dia mbola mangery ankalamanjana. Ireo no fantatra nandritra ny tsenankevitra, handrafetana ny fandaharam-panjakana eo amin'ny rano, fidiovana sy fanadiovana. Faritra efatra no nandray anjara tamin'izao atrik'asa isam-paritra izao dia Menabe, Matsiatra Ambony, Amoron'i Mania ary Vakinankaratra mpampiantrano. Hotel des Thèrmes Antsirabe no nandray izany tamin'ity herinandro ity. Saika hita eto avokoa ireo mpiaramiombon'antoka amin' ny Fanjakana Malagasy eo amin'ny sehatry ny rano fanadiovana sy fidiovana. Mbola lavitra ny lalana hodiavina vao ho tratran'i Madagasikara ny fenitra ka hisitraka rano fisotro madio sy hanana ny fotodrafitrasa fototra ny isam-baravarana. Izany indrindra no anton'izao tsenan-kevitra izao araka ny nambaran'ny Sekretera jeneralin'ny Ministeran'ny rano, ny Fidiovana sy fanadiovana, Lalaina Andrianamelasoa. Manana tombony i Vakinankaratra amin'ny fandraisana izao atrikasa miendrika tsenankevitra izao, araka ny nambaran'ny talem-paritry ny rano ny fidiovana sy fanadiovana, Rakotonirina Rijavola. Atrikasa iraisam-paritra 7 no ahafahana mamoaka ny tsoa-kevitra nasionaly, efa vita ny voalohany tany Ampefy, ary faharoa izao natao teto Antsirabe izao. Any am-paramaranana dia hamoaka ny antontan-kevitra ho boky firaiketana ireo mpahay izany, ka io indray no ho tonga fitaovana hiaingana amin'ny fampiroboroboana ny rano, ny fidiovana sy ny fanadiovana manerana ny Nosy.

***Solohery***

Sekoly FJKM

## Any Ambatolampy no hanokafana amin'ny fomba ofisialy ny taom-pianarana

Toy ny eny anivon'ny sekolim-panjakana amin'ny fanokanana andro iray isan-taona hanamarihana ny fisokafan'ny taom-pianarana vaovao, dia manana ny azy ihany koa ny sekoly Fjkm. Amin'ity taona ity dia ny andron'ny Sabotsy 24 Novambra ity no hanatanterahana ny fanokafana amin'ny fomba ofisialy ny taom-pianarana ho an'ny Sekoly eo anivon'ny Fjkm izany. Ao amin'ny Fjkm Ambatolampy an-tampon-tanàna no anatanterahana izany amin'ny alalan'ny fanompoam-pivavahana. Hisy ny fanolorana mari-pankasitrahana sy sertifikà marobe amin'izay. Araka ny fantatra dia mahatratra hatrany amin'ny 600 mahery no hotolorana izany mari-pankasitrahana izany. Tsara ny vokatra azon'ny sekoly Fjkm tamin'iny taom-pianarana 2017-2018 iny teo amin' ireo fanadinana ara-panjakana rehetra ary nahafapo. Nihoarana aza ny vokatra azon'ireo sekolim-panjakana sy ny hafa. Marihina, fa manao ezaka lehibe tokoa amin'izao fotoana izao ny tomponandraikitra eo anivon'ny departemantan'ny sekoly Fjkm ho amin'ny fanatsarana hatrany ny kalitaom-pampianarana ao aminy.

***Radafy***

SAMPATI- FJKM

## Mankalaza ny ivon'ny faha-25 taonany eny Antsahamanitra

1993–2018, feno 25 taona ankehitriny ny Sampana Mpanazava sy Tily eo anivon'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara (FJKM). Hankalaza ny ivon'izany izy amin'ity andron'ny Sabotsy 24 Novambra ity eny amin'ny Kianja Maitson'Antsahamanitra. Hisy ireo hetsika samihafa hotanterahina anio tontolo eny an-toerana. Hanomboka amin'ny diabe na carnaval hiainga avy eny Mahamasina izany vao maraina ary ireo mpikambana milahatra dia manao endrika fanao amin'ny hetsika toy izany avokoa. Hisy ihany koa, ankoatra ny fanompoam-pivavahana, ny hetsika sy fanentanana samihafa izay handraisan'ireo isam-bondrona avy amin'ny fitandremana na synodamparitany isanisany avy. Manasa ny besinimaro araka izany ny Sampana mba hanatrika sy hifanotrona aminy amin'izany andro lehibe jobily volafotsy izany. Iray amin' ireo sampana velona eo anivon'ny FJKM ny Sampati. Mitondra anjara biriky lehibe eo amin'ny seha-pitaizana ny ankizy, zatovo sy tanora eo anivon'ny fiangonana sy fiaraha-monina izy. Tsapa fa mbola manana ny maha izy azy ny sahanasa tanterahina eo anivony raha tarafina avy amin'ny vokatra hita tao anatin'izay taona maro niorenany izay. Tena ilaina eto amin'ny firenena tokoa ny fikambanana misahana fanabeazana sy fitaizana toy ny ataony indrindra ao anatin'izao vanim-potoana mampitontongana ny toe-tsaina maha olom-pirenena vanona na "civisme" izao.

***Aris***

## Sakafo Ny Valosoa



Akoho gasy rony indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary miaraka aminy na karaoty, na voatabia. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahavariana

## Taretra vavibe manasitrana homamiadana

Taretra vavibe manasitrana homamiadana na cancer indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Homamiadana samihafa no sitrana amin'izany.

Makà taretra vavy be eny amin'ny fotony. Sahabo ho 20 cm. Sasana tsara. Esorina ny tsilo, voasana. Zaraina 2 amin'ny tsanganany. Andrahoina amin'ny rano 1 l. Vao mangotraka, esorina ambony fatana. Misotro 1 kaopy mafana izay zaka vao mifoha. Laniana tontolo andro ny ambiny.

Raha sanatria efa latsaka lalina ny aretina homamiadana na inona na inona. Andrahoina toy ny teo aloha koa ny silany iray. Misotro 3 kaopy mafana izay zaka, vao maraina mifoha mbola tsy misakafo. Laniana tontolo andro ny ambiny rehetra. Izany hoe ny 2 l. Tsy voatery hafanaina.

Manao vaovao isan'Andro, ka arahana tsara ireo, 3 ka hatramin'ny 7 andro dia efa hahita fahatsaràna.



NY VALOSOA sy Mahavariana

## Ny tanànan'Ambato Boeny any amin'ny faritra Boeny


Ny tanànan'Ambato Boeny any amin'ny faritra Boeny indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Raha ny tena marina dia tsy misy ny tanànan'Ambato Boeny izany, fa anaran'ny distrika no Ambato Boeny, ny tanàna renivohitry ny distrika kosa dia Ambato Ambarimay, Ambato Ambarimay io izany no azo antsoina ho tanànan'Ambato Boeny. 23 km eo miala ny lalam-pirenena faha-4 (RN4) no misy ity tanàna ity.



## Deoteronomia 4: 12

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 87), 22 novambra 2018

***Deoteronomia 4: 12: "Dia niteny taminareo teo amin'ny afo AHO Jehovah; ny teny ihany no renareo, fa tsy nahita endrika akory ianareo."***
Andininy 15: "*Dia tandremo tsara ny fanahinareo; fa tsy nahita endrika akory ianareo tamin'ny andro izay niteneko Jehovah taminareo tao amin'ny afo tany Horeba.*"
Ny AFO no mihazona anareo fa tsy mahavita manota intsony. Andininy 14 : "*Ary izaho nodidian'i Jehovah tamin' izany andro izany hampianatra anareo didy sy fitsipika, mba harahinareo any amin'ny tany izay efa hidiranareo holovana.*" Tamin'izany dia mpandova ny TANY (manaraka didy sy fitsipika) fa ny Batisan'ny Fanahy Masina ankehitriny kosa dia mandova ny Lanitra, ***Deoteronomia 4: 1***.Ny tantaran'i Joba ihany koa dia tiako ho fantatrao fa vita Batisan'ny Fanahy Masina izy ka tsy nahafaly an'i losifera izany ary izy koa te-hahalala ny tena HERIKO JEHOVAH. Ny AFO no tena tsy zakany. ***Joba 1: 9-10.*** Ny fefy eto dia AFO ary nampatahotra an'i satana. Nirahan'i losifera i satana nitsapa ny HERIKO. Ny FANAHY MASINA dia apetraka ao anatinareo fa ny AFO kosa ilay hita maso ety ivelany dia toy ny fefy. Ny olona tsy mahita an'io AFO ivelany io fa i satana no mahita izany ary toy ny fefy no fahitany azy satria dia voafono AFO hianareo. Io no atao hoe "FEFY AFO", hitan'i losifera io ka mampatahotra azy. Arak 'io voasoratra io na i Joba na ny tranony na ny fananany dia voafefy AFO avokoa. Tsy miova izany mandraka ankehitriny fa toy izany avokoa izay vitan'ny Batisan'ny Fanahy Masina. Ny AFO mantsy na mamono sy mandevona na mamelona. Fantatrao ny tantaran'i Elia niady tamin'ireo mpanompon'i bala? Rehefa nivavaka sy nangataka TAMIKO izy, AFO no nalatsako, ***I Mpanjaka 18:38***. Nisolotena ny FANATREHAKO ny AFO. Efa nohazavaiko JEHOVAH tany amin'ny hafatra tany aloha fa na hianareo olombelona aza dia afo, rano, rivotra, tany, izay vao olombelona hianareo. Tamin'ny andron'ny Pentekosta no nampihariko ny fahamarinan'ny AFO teo amin'ny olona, ***Asan'ny Apostoly 2: 1-4***. Ny AFO no nampiteny ireo olona marobe ireo. Asan'ny Fanahy tsy hainareo fantarina izany fa ekeo fotsiny. JESOSY rehefa natao Batisa ary IZAHO te-hilaza sy te-hanaporofo tamin'ny olona teo fa avy AMIKO IZY dia AFO no nampiasaiko tamin'izany, ***Matio 3: 16-17***. Ary efa nilaza taminareo AHO nanao hoe : "ho avy ny andro hisy afo mifandrambondrambo eny amin'ny lanitra ambony, hilatsaka fa tsy hahakasika ny tany."Izany AFO izany no entiko hanaitra izay monina amin'ny tany fa misy AHO, velona AHO. Ny AFO izany no midika ny FANATREHAKO amin'izay tiako hatao sy tiako hisehoana. Tiako JEHOVAH raha mba vita Batisan'ny Fanahy Masina avokoa ny olona. Ny Batisan'ny Fanahy Masina mantsy no manampy ny olona hahatanteraka ny TENY FIKASANA. Tsy takatr'i losifera mihitsy hoe : ny Fanahy Masina ao anaty no fifandraisana AMIKO mivantana ary ny AFO eo ivelany no mampiavaka anareo amin'ny olona rehetra sady fanaporofoana amin'i losifera fa AHY ianao ary tsy misy azony atao. Batisan'ny Fanahy Masina ilay ao anaty fa Batisan'ny AFO ilay ivelany (Fefy AFO). Izany hoe ny tenanao rehetra mihitsy no mifono AFO. I losifera ihany no mahita an'io ka raiki-tahotra, may izy raha vao manatona anao. 7 metatra ihany no farany dia tsy sahy manatona anao izy. Toy izao ianao amin'ny sary.
Mifarana toy izao ireo Batisa nolalovanao ary tsy tokony miova mihitsy. Na ny fibebahana na ny famelan-keloka, na ny tao anaty rano, na ny Fanahy Masina ao anaty, na ny AFO hita ivelany dia samy nobangoina amin'ny teny tokana hoe "BATISA" izay midika hoe FAHATANTERAHANA TENY FIKASANA. TENY FIKASANA = FAHAMARINANA. Ahoana hoy JESOSY? Matio 3: 15 "*Ekeo ihany ankehitriny, fa izao no mety amintsika hahatanteraka ny fahamarinana rehetra. Ka dia nekeny Izy.*" Raha tianao ho tanteraka ianao, mirosoa amin'ny BATISA. Io no dingana takiana raha te-handova Fiainana Mandrakizay hianareo. Tsy olombelona no mitaky izany sy manoratra aminao fa IZAHO JEHOVAH, tsy Fiangonana, tsy fikambanana fa IZAHO JEHOVAH Rainareo aty andanitra.Te-hahita anareo voavonjy sy afaka sady mahery AHO. Izany no tanjoko fa tsy tiako hisy ho very na dia iray akory aza. Aoka hianareo ho liana amin'ny zava-panahy fa aza variana amin'ny zavatry ny tany io fa sady feno fitaka io no mandringana ka ny BATISA no manavaka anareo. Tandremo sao dia milaza hoe : "olom-boavonjy ka tsy mandalo BATISA". Tiako ho fantatrao aloha ny fanaovana Batisa anao, ny momban'i JESOSY satria ny fahalalana AZY no andraisanao fanapahan-kevitra hanompo AZY. Rehefa fantatrao izany vao ekeny hiaramifaly AMINY dia ilay atao hoe NY FANASANY anao ao amin'ny Fanjakany izay santarinao sahady eo amin'ny tany misy anao. Vakio : **Matio, Marka, Lioka, Jaona. Isaia 53: 4-6**.
Mbola hitohy
Amen! Haleloia!
JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY




E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com) : mivoaka Talata sy Asabotsy

## LEFITRY NY BEN'NY TANÀNA

# Tsy maintsy miala ny fako eto Antananarivo

Taorian'ny fidianana ifotony nataon'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana ny alatsinainy 19 novambra lasa teo, nijery ireo fako misavovona teny Alarobia, Vasakaosy tsenan' ny Atody, Anosivavaka ary Ankadifotsy, dia tsy niandry ela ny fiadidiana ny tanànan'Antananarivo fa avy hatrany dia nanamafy ny fanampiana ny SAMVA amin' ny fandraofana ny fako, na tsy andraikiny aza izany. Ny zava-dehibe araka ny toromariky ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana dia tsy azo atao sorona ny vahoakan'Antananarivo sy ny tanàna amin'ny maha soa iombonan'ny Malagasy azy. Araka izany, nanomboka ny alakamisy 22 oktobra dia amafisina ny fanadiovana ny tanàna amin'ny fanomezan'ny kaominina sy ny malala tanana fiarabe amam-polony hampiasain'ny SAMVA handraofana ny fako. Manome toky ny ao anivon'ny tanànan'Antananarivo tarihan'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana fa afaka andro maromaro dia hisy vokany eto amin'ny tanànan'Antananarivo ny asa fanomezana tanana ny SAMVA mba hampadio ny tanàna. Na izany aza anefa dia manainga ny mponina mba hanaja ny ora fanariana ny fako eny amin'ny dabampako dia amin'ny 5 ora hariva ka hatramin'ny 8 ora alina, ny lefitra voalohan'ny ben'ny tanàna Olivier Randrianarisoa, nandritra ny fanarahamaso nataony sy ny mpiara-miasa eo anivon'ny tanànan'Antananarivo, teny amin'ny faritr'Andohatapenaka sy 67ha. Ho an'ny eny anivon'ny fokontany, efa misy ny fandrindrana ho fanaovana asa fanadiovana, ny eny amin' ny fokontany Andohatapenaka manokana dia isaky ny sabotsy izy ireo no manao fanadiovana faobe araka ny fanazava nataon'ny filohan'ny fokontany Andohatapenaka, Solofonirina Randrianarivelo.



*Ireo mpiara-miasa amin'ny ben'ny tanàna, teny Andohatapenaka.*

**Aly**

## Etazonia-Madagasikara

# Mpilatsaka an-tsitrapo Amerikana indray hiasa eto amintsika

Mpilatsaka an-tsitrapo miisa efapolo mianadahy avy ao amin'ny Corps de la Paix Amerikana no nampanaovin'ny Mpiandraiki-draharahan'ny Masoivoho amerikana, Stuart R. Wilson, fianianana tao amin'ny Restaurant Infinithé Ivandry ny alarobia teo. Hiasa eo amin'ny sehatry ny fampianarana sy ny fampiroboroboana ny teny anglisy ireo mpilatsaka antsitrapo ireo rehefa avy nahavita fiofanana nandritra ny iraika ambinifolo herinandro. Taorinan'ny fiofanana momba ny teny malagasy, fianarana ny fomba amam-panao sy ny kolontsaina Malagasy ary ireo teknikampampianarana samihafa dia handeha hamita iraka any amin'ireo tanàna manerana an'i Madagasikara, izay voatendry hipetrahany sy hiasany mandritra ny roa taona, ireo mpilatsaka antsitrapo ireo. Ireo mpilatsaka an-tsitrapo eo amin'ny sehatry ny fanabeazana sy ny fampiroboroboana ny teny anglisy dia hanampy ireo mpianatra sy mpampianatra tsy afaka hanana fitaovana hari-fomba eo amin'ny fianarana sy fampianarana teny anglisy. Hampianatra any amin'ireo sekolim-panjakana izy ireo, mba hampivoatra ny teny anglisy ho lasa fitaovana mahomby eo amin'ny fampandrosoana indrindra ho an'ny mpianatra sy mpampianatra amin'ny CEG sy Lycée ary Oniversite sasantsasany. Araka ny maha-mpampianatra teny anglisy azy ireo dia handray anjara ihany koa izy amin'ny fanatsarana ny fahaizan' ny mpampianatra mampiasa ny teny anglisy, hifampizara traikefa sy ny fomba fampianarana samihafa ary hiezaka hampitombo sy hanatsara ireo fitaovana enti-mampianatra. Fanampin'izany dia hanampy ny mpampianatra amin'ny fanamafisana ny fahaiza-manao eo amin'ny lafiny fampianarana koa izy ireo amin'ny alalan'ny fiaraha-mientana aminy. Hanampy ny mpiaramiasa rehetra ao antsekoly ihany koa izy amin' ny alalan'ny fampianarana teny Anglisy ho an' ny olon-dehibe, na amin' ny alalan'ny fikarakarana fandaharana fampianarana teny anglisy amin' ny radio ao an-toerana, na koa hanangana vondrona sy hetsika isan-karazany ivelan'ny fandaharam-pianarana ho an' ny mpianatra.
Manarak'izany dia hanentana sy hanabe ireo mpiara-monina ihany koa izy amin'ny alalan'ny karazana hetsika toy ny fikarakarana "voyage d'études", fanofanana mpampianatra, na koa ireo sehatr'asa fanampiny toy ny fanentanana hiady amin 'ireo olana misy amin'ny lafiny fahasalamana na ny sehatr' asa momba ny miralenta.



*Ireo mpilatsa an-tsitrapo Amerikana hiasa eto amintsika.*

**Aly**

ANTSIRABE

## Enin-dahy mpanolana sy mpandroba nidoboka am-ponja

Raikitra ny fanadiovana ireo jiolahy sy totakely mpanao fanendahana eto Antsirabe tato ho ato. Notsimponin'ny polisin' Antsirabe tsirairay arabakiteny ireo fikambanan'ny andian-jiolahy mpanafika sy mpanolana teto Antsirabe sy ny manodidina nandritra ny fotoana elaela ihany izay. Fantatra ary fa enin-dahy aloha hatreto no nidoboka am-ponja ary mbola misy karohina aza ny naman'ireo. Nandritra ny fisafoana nataon'ny polisy no nahitan'izy ireo tovolahy kaodikaody nahita azy ireo. Rehefa nantonina, dia saika hitsoaka aloha, saingy rehefa tena nantsoina dia mba nijanona ihany ary nentina avy hatrany mba hanaovana fanadihadiana tany amin'ny polisy noho io toetrany saika hitsoaka io. Nandritra ny fakana am-bavany azy no nahafantarana fa tena isan' ireo jiolahy mpanafika teto Antsirabe sy ny manodididna ity tovolahy ity, ary vakitrano sy fanafihana tsy latsaky ny 6 niseho tamin'ny toerana samihafa no nandraisany anjara. Niaiky avy hatrany izany rahateo izy ary nanondro ireo namany avy hatrany. Tarik'ireo tambazotra mpamaky trano sy mpangalatra ireo kojakoja lafovidy anaty trano vakiany, toy ny solosaina, finday lafovidy, fahitalavitra ary ireo kojakoja hafa, ireto jiolahy ireto, ary isak'izay trano tafihiny dia misy hatrany ny fanolanana ataon'izy ireo izay vehivavy sy tovovavy tratrany ao. Nandeha avy hatrany ny fisamborana ireo naman'ireo jiolahy voasambotra voalohany io, ka 3 lahy hafa indray no voatsimpona tany. Rehefa nandeha hatrany ny fanadihadiana, dia maro ireo entana halatra no tafaverin'ny mpitandro filaminana, ary efa mandeha koa ny fikarohana ireo tompony, ankoatra ireo efa nametraka ny fitoriana. Raha ny fanazavana hatrany, dia misy mpianaka ireto tambazotran-jiolahy ireto no izao voasambotra izao ary tsy vitan'izay fa efa matetika midoboka am-ponja noho io asa ratsy fanafihana sy fandrobana io ihany koa izy mianaka ireto. Ankoatra izay, dia nambaran'ny mpitandro filaminana fa misy amin'ireo jiolahy voasambotra teto Antsirabe ireto, sy ireo jiolahy efa azo teo aloha, dia mpiasan'ny orinasa tsy miankina misahana fiambenana eto Antsirabe. Tranga izay manomboka mampametra-panontaniana ny maro rahateo io farany io satria matetika loatra no naharenesana asan-jiolahy, ka ahenona hatrany ireo mpiasa miasa amin'ny fiambenana ireny.



***Solohery***

Tsiroanomandidy

## Dahalo 3 lahy mitam-basy saron'ny zandary

Andian-jiolahy maromaro mitam-basy tonga nanafika tao Ampanotokana Fokotany Ampitiliana Kaominina Tsinjoarivo Imanga, Distrikan'i Tsiroanomandidy ny alin'ny talata lasa teo tamin'ny 9ora alina. Lasibatra tamin'izany ny tokantranon'Andriamatoa Jean De Dieu, nanapoaka basy sy nitifitra ireo jiolahy nandritra izany, ka olona iray anisan'ny fianakavian'ny tompon-trano no maty vokatr'izany, naratra kosa ny tompon-trano. Fitaovana sy entana maro no norobain'izy ireo toy ny: moto marika Honda, TV ecran plat, amplificateur... Nanao ny fikarohana ny zandary tao amin'ny Poste Fixe tao Tsinjoarivo Imanga, ka telo lahy no voasambotr'izy ireo ny alakamisy teo, izay ahiahiana ho tompon'antoka amin'izao raharaha izao. Nandritra ny fisavana ny tranon'izy ireo ihany koa no nahitana basy vita gasy 1 ary karam-panafody sy moara marobe. Raha ny fanazavan'ny Chef GABJ any Bongolava, ny Lieutnant Randriamalala Lanto dia anisan'ny tompon'andraikitry ny fandriampahalemana tao amin'ilay toerana ihany ny roa lahy tamin'ny izy ireo. Natolotra ny fampanoavana ao amin'ny Fitsarana ambaratonga voalohany any Tsiroanomandidy tamin'ity herinandro ity izy 3 lahy ireo, taorian'ny fanadihadiana nataon'ny zandary.

***Serge***



Ambano- Antsirabe II

## Katekista nodarohan'ny namany noho ny fialonana

Asa na nohon'ny fahasahiranana na lonilony fa dia manjaka ankehitriny ny tsy fandriampahalemana sy ny ady isan-karazany any ambanivohitra any. Tranga iray niseho tany amin'ny kaominina Ambano ny fidarohan'olona nataon'ny olona iray hafa, ka fantatra fa naratra mafy vokatry ny daroka nahazo azy ny katekista iray mpitondra fiangonana ao Mahatsinjo, fokontany Antanetibe, kaominina Ambano. Raha ny fantatra dia sotasota resaka fialonana eo an-tanàna no izao nampitondra takaitra an'ingahy Rakaty izao. Raha ny fanazavana nomen'ny vadin'ity rangahy voadaroka ity, dia hihazo ny làlana hody any aminy izy ny zoma maraina teo rehefa avy namita raharahampiangonana tety Antsirabe. Rehefa tonga teo amin'ny toerana antsoina hoe saham-pokonolona anefa, dia nisy lehilahy iray izay fantany tsara no nila resaka taminy sy niantso azy fa misy resaka kely hataony aminy. Efa saika hanohy ny làlany ihany ingahy Rakaty, saingy nohon'ny fisisik'io rangahy niantso io dia nanodina ny bisikiletany natona ihany izy. Tsy nisy alaharo anefa fa avy hatrany dia daroka no nahazo ilay mpitondra fiangonana avy ao Mahatsinjo Ambano. Tsy nanampo rahateo izy ka dia lavo, saingy vao mainka voadaroky ny vato ihany, ka na niezaka nitsoaka aza, dia tratran'ilay nanenjika ihany nohon'ny hareraha tamin'ny daroka nahazo azy. Raha ny resaka sy ny antony nambaran'ilay rangahy, dia tsy misy antony firy loatra fa sotasota sy fialonam-piarahamonina ihany no tena nidarohany ilay katekista. Tonga tany an-trano ihany izy saingy efa nitarik'aina, ka voatery nentina namonjy hopitaly avy hatrany. Tsara ho marihina aloha, fa dia olona mpifanerasera isan'andro na ilay voadaroka na ilay rangahy namono azy, ary tsy mbola nisy fifamaliana mihitsy teo amin'izy roalahy, na ny fianakaviana hatrizay, saingy asa izay nahazo azy tampoka teo nahatonga ity daroka ity. Isan'ny nametrahan'ny fianakavian'ny naratra fanontaniana ny mikasika ny fiantsoana azy ireo matetika eny amin' ny mpitandro filaminana mandray an-tànana ny raharaha, sy ny hoe, efa tena nantsoina nanaovana fanadihadiana ihany koa ve ilay rangahy nahavanon-doza nidaroka olona amin'ny tsy antony ? Efa mandeha ny fanadihadiana momba ity raharaha ity ary efa mahafantatra izay avokoa ireo mpino ao amin'io fiangonana izay entin'ingahy Rakaty io.

***Lezama***

Fort Dauphin

## Christella, Tsikivy, Sedera, noraisina tamin'ny fomba ofisialy

Fitsenana tsotra nefa nanana ny naha izy azy nc nandraisan'i Fort Dauphin azy 3 mianadahy : Christella, Tsikivy, Sedera, tany Fort Dauphin. Iretc zanak' Anôsy ireto, nitondra avo ny voninahitr' i Madagasikara tamin'ny fifaninanana mitondra ny lohahevitra hoe : One Minute. Fifaninanana horonantsary maharitra 1 minitra raha be indrindra. Firenena maro maneran-tany no nandray anjara.15C ankizy no niatrika ny fifaninanana. Nampiavaka izany ny asa famoronana horonantsary. Miompana amin'ny fiainan'ny mponina andavanandro. Rehefa natao ny fifaninanana, nahazo ny laharana tsara ny asa tanan'ny mpifaninana Malagasy. Ankoatra ny fitsenana natao azy ireo, nisy ny lanonana tsotra tao amin'ny tranoben'ny sampandraharaha misahana ny mponina. Niraisan'ireo mpandahateny ny fisaorana azy 3 mianadahy ireto, nitondra avo ny voninahitr'i Madagasikara. Nampiavaka ny fotoana ny alarobia teo ny fijoroana ho vavolombelona sy fitantarana ny fiarahan'izy 03 mianadahy ireto tamin'ireo teratany vahiny nandray anjara.

***Mangarahara***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao ho an'ny kandidà Marc Ravalomanana sy ho an'ny mpamaky ny gazety ihany koa.

**Teny fampaherezana ho an'ny Candidat N° 25 Marc Ravalomanana.**

"Dieu résiste aux orgueilleux, mais Il fait grâce aux humbles. Humiliez-vous donc sous la puissante main de Dieu, afin qu'il vous élève au temps convenable" (I P: 5-6).

"God opposes the proud but shows favor to the humble. Therefore, humble yourselves under God's mighty hand, that He may lift you up in due time".

"Andriamanitra manohitra ny miavonavona, fa manome fahasoavana ho an'izay manetry tena. Koa amin'izany, manetre tena eo ambanin'ny tàna-maherin'Andriamanitra, mba hanandratany anareo amin'ny fotoanandro".

Manohana anao ambavaka izahay, na dia aty dilambato aza, ary manao propagandy ho anao koa amin'ny fianakaviana sy izay olom-pantatra aty Madagasikara. Mahereza ary mandrese @ Anaran'i Jesosy Tompo.

*Robert Randriambanona*
*Belgique*

## SARIITATRA: Ka 25 izany no ho lany eo



# Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**17/11/18 hatramin'ny 24/11/18**

- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04/032 62 794 60
- **SOANDRY** (Behoririka près de Luxor) 020 22 228 37/033 11 650 36 /034 98 379 12
- **ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/020 26 040 08/034 40 800 13
- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69
- **ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 842-11-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

VAKINANKARATRA

## Kaominina miisa 12 no nahazo famatsiam-bola avy amin'ny FER

Taorian'ny fiandrasana fotoana elaela ihany, dia fantatra izao fa amin'ny herinandro miditra io no hanomboka ny asa fanarenan- dàlana amin'ireo kaominina miisa 12 ato anatin'ny faritra Vakinankaratra. Ny FER no namatsy vola izao asa fanarenana izao, ho an' ireo kaominina nahavaly ny fepetra, ka nahazo izany. Saika nahitana kaominina nahazo izao tombontsoa izao avokoa aloha, na dia hoe solontena ihany aza, ireo distrika mandrafitra ny faritra Vakinankaratra. Raha ny fanazavana dia ireo kaominina ahitana ireo làlana efa tena ahiana mafy tsy ho azo ampiasaina intsony, indrindra amin'izao anaty fahavaratra izao no tena novonjena aloha. Ho an'ny distrikan'Ambatolampy, dia isan'ny hanatanterahana izao asa fanamboaran-dàlana izao. Isan'izany ho an'ny distrikan'Antanifotsy dia ny làlana mampitohy an'Ambohimandroso sy Antsahalava ary Ambodiriana. Voakasika ihany koa ny kaominina Antsapandrano mampitohy azy amin'ny kaominina Ambohitompoina. Ho an'ny distrikan'Ambatolampy indray, dia isan'ny voakasik'izao fanarenana izao ny làlana mampitohy ny renivohitry ny distrika sy Manjakatompo, Tsiafajavona. Ho an'Antsirabe faharoa kosa, dia ny làlana mampitohy ny kaominina roa, Ambano sy Andranomanelatra no fantatra fa hasiana fanarenana, ary ho an'i Betafo, dia ny làlana mampitohy an'i Tritriva sy Alakamisy Anativato. Nahazo tombony ihany koa ireo kaominina tena ratsy làlana sy nampitaraina mafy ny mponina miala ny làlam-pirenena faha 34, toy ny kaominina Vinany sy Fidirana. Ireo ampahandàlana rehetra ireo, izay raha ny fanazavana hatrany dia efa mila tsy ho azo ampiasaina intsony mihitsy ary manana fiantraikany mivantana amin'ny fiakaran'ny vidim-piainan'ny mponina izany haratsian-dàlana izany. Notsipihin'Andriamatoa Rakotomalala Armand, talem-paritry ny asa vaventy eto Vakinankaratra, fa nohon'ny somary fahataran'ny fivoahan'ny vola sy ny fiandrasana ny tolobidy samihafa hanatanterahana ireo asa ireo, dia izao vao hanomboka ny asa, saingy na izany aza dia azo ambara ihany fa tsy mbola tara akory satria na ao anatin'ny rotsak'orana aza isika, dia mbola manana iray volana eo ho eo hanatanterahana ireo asa rehetra ary tsy maintsy vitaina izany. Notsipihin'ity tompon'andraikitra ity ihany koa, fa tsy maintsy nandalo tolobidy ny fanatanterahana ireo asa ireo, na dia teo aza ny fitakian'ny kaominina sy ny ben'ny tanàna sasany ny hanomezana azy ireo mivantana ny vola natokan'ny FER hanaovana ny asa.

***Lezama***

Ambatondrazaka

## Hentitra ny fanaraha-maso ny hidy rano, misy ireo harato no sarona

Hentitra ny fanaraha-maso ny fampiharana ny hidy rano ataon'ny avy eny anivon'ny foibem-paritry ny jono sy ny harena anaty aty rano aty Alaotra amin'izao fotoana izao. Misy mihitsy ny fidinana ifotony izay efa nahitam-bokany mahakasika ireo olona mbola mandika lalàna, ka mangalatra manarato. Fantatra fa efa misy ny harato sarona sy ny fitaovana ampiasain'ireo olona mbola mangalatra manao io asa io na dia efa voarara aza izany. Notazonina ao amin'ny biraon'ny foibem-paritry ny jono sy ny harena anaty rano avokoa ireny rehetra ireny. Nambaran'ny Talem-paritry ny jono sy ny harena anaty rano aty Alaotra Mangoro, fa misy amin'ireo harato no tsy manara-dalàna ihany koa ny masony izay kely dia kely tokoa. Manapotika tanteraka ny hazan-drano ireny fitaovana tsy aradalàna ireny hoy izy ary tsy azo ekena ny fampiasana azy aza indrindra mbola tafiditra ihany koa ao anatin'ny fotoana tsy azo anjonoana. Tsy handefitra mihitsy izahay manoloana ny fandikan-dalàna ataon'ny olona sasany hoy ny talem-paritry ny jono sy ny harena anaty rano aty Alaotra Mangoro, izay nanamafisany fa ny ho avin'ny taranaka faramandimby no jerena amin'izao fanidiana ny rano izao.


***Raoul***



BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 260**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0259)

***Mitsivalana***
- Filazàna
- Fary (Miv) – Vy
- Lalàna
- Fako (Miv) – Dio
- Hamidy
- BK – Koa
- Fy – Vady

***Mitsangana***
- Filoha
- Iraka
- Lalamby
- Kifafi (Miv)
- Avadika
- Ny – Do (Miv)
- Zonay

### TENY MIFANARAKA N° 260




**Mitsivalana**

**1.** Toeram-pitsaboana **2.** Foto-tenin'ny fiarovana – Mandimby (Miv) **3.** Malaky **4.** Mpanondro toerana – Mindrana sy mandoa vola (Miv) **5.** Tohana **6.** Fitafiany **7.** Solfà – Lovia (Miv) **8.** Aviavy – Marika (Miv) – Mpanondro toerana **9.** Aro moka – Vazo (BR) **10.** Manjelatra

**Mitsangana**

**A.** Lanja **B.** Avereno (Miv) – Hao tsy misy lohany **D.** Simba – Hazo maro **E.** Feo miverina – Anaty rano **F.** Tsirin-teny – Fia (Miv) **G.** Arosonao **H.** Firinga – Jiro tapaka **I.** Nahitàna (Miv) – Simba, masiso (Miv) – Hekitara **J.** Niakatra (Miv) **K.** Domelin'ny toaka (Miv) – Avoty (Miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0259

***Mitsivalana***

1 *Mifanaraka* 2. Izaho – Volo (Miv) 3. Tany – Iva 4. Asa – Ha 5. Marina 6. Propagandy 7. No – Aato 8. Bas(y) – Laona 9. Zo – Aba – Kaf(e) 10. Ralambo

***Mitsangana***

A. Mitempo B. Iza – Ar – Bor(y) D. Fanorona E. Ahy – Lasopy (Miv) F. (Ra)no – Ana – Bà G. Malagasy (Miv) H. Rava – AAA I. Ala – Antoko J. Ko – Dona K. Aviavy – Afo


COMMUNE
URBAINE
D'ANTANARIVO
SAMVA
HAJAIKO
NY FOTOANA
FANARIANA
FAKO
FAHADIOVANA
Manomboka amin'ny
5ora Hariva h@
8ora Alina
Azonao atao ny mifandray aminay amin'ny:
www.facebook.com/FahadiovanAntananarivo